
Ahoana no Hahasambatra ny Fianakavianao? (Fizarana 2)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 14, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.



INONA NO ILAIN'NY ANKIZY MBA HAHASAMBATRA AZY?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Inona no mety holazain'ny olona?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Tena sambatra ny ankizy rehefa manahaka an'i Jesosy ny ray aman-dreniny.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 14, fehintsoratra 14-16.)

Vakio ny Marka 10:13-16.

Na dia be atao aza i Jesosy, nanao ahoana ny fihetsiny rehefa nisy ankizy nentina teo aminy?

Vakio ny Lioka 22:24-27 sy ny Jaona 13:3-5.

Nahoana no modely ho an'ny ray aman-dreny i Jesosy rehefa nanitsy ny mpianany izy? (Jereo koa ny Jeremia 30:11.)



Nanome modely faran'izay tsara ho an'ny fianakaviana i Jesosy, na tamin'izy mbola ankizy na tamin'izy efa lehibe

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Tena sambatra ny ankizy rehefa manahaka an'i Jesosy.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 14, fehintsoratra 17-19.)

Vakio ny Lioka 2:51, 52; 22:42.

Nankatò foana i Jesosy. Inona no azon'ny ankizy ianarana avy amin'izany? (Jereo koa ny Efesianina 6:1-3.)

Vakio ny Matio 4:1-10.

Nahoana no modely ho antsika i Jesosy rehefa nanohitra fakam-panahy izy?

Inona no tena tianao amin'ireo modely nomen'i Jesosy?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Milaza ny Baiboly hoe tokony hofaizina ny ankizy. Hitako hoe tafahoatra izany.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Marina fa mampirisika ny ray aman-dreny hanafay ny zanany ny Baiboly. Tsy midika anefa izany hoe mampirisika an-dry zareo hanafay tafahoatra ny Baiboly. Izao mantsy...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Tsy ilaina intsony izany mankatò izany. Tokony havela hanao izay tiany fotsiny ny tanora sy ny ankizy.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Be dia be ny olona mety hieritreritra hoatran'izany. Tsy mitovy hevitra amin'izany anefa aho satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania